

From left to right: Robert Yamate (US Ambassador); Sheila Jackson Lee (US Representative, Democrat, Texas); Blake Farenhold, US Representative, Democrat, Texas); Robert Goodlatte (US Representative, Virginia); Greg Meeks, US representative, Democrat, New York); Steven King (US Representative, Democrat, Iowa)

Mbola tsy nisy mpitondra mpandainga sy tsy miraharaha vahoaka toa ireto Hvm ireto mihitsy teto Madagasikara, hatramin'izay niainako. Ary efa ela nihetezana aho fa tsy zaza vao omaly akory. Manana ny tombontsoany eto tokoa aloha ny Etazonia, toa ireo firenena matanjaka rehetra aty Afrika. Kanefa, tsy misangy mihitsy ry zareo rehefa resaka fitondra tsara tantana (*« Bonne gouvernance »*), fanajana ny lalàna (*« Etat de droit »*) sy ny zon'olombelona (*« respect des droits de l'Homme »*), ny ady amin'ny kolikoly (*« Lutte contre la corruption »*), ary indrindra ny fahafahana maneho hevitra (*« Liberté d'opinion »*) ka tafiditra amin'izany ny fahafahan'ny mpanao gazety (*« Liberté de presse »*) sy ny fahafahana miteny an-kalalahana (*« Liberté d'expression »*). Tsy adino ny fanajàna ny atao hoe Demokrasia.




From left to right: Sheila Jackson Lee (US Representative, Democrat, Texas); Greg Meeks, US representative, Democrat, New York); Mike Bishop, US Representative, MIssouri); ; Steven King (US Representative, Democrat, Iowa) Blake Farenhold, US Representative, Democrat, Texas)

AIza ho aiza ingahy Hery Rajaonarimampianina amin'ireo rehetra ireo? Ny sasany moa nanaovany propagandy nefa dia samy mahalala ny zava-misy daholo isika vahoaka malagasy monina eto an-tanindrazana. Ny 25 Janoary 2018 dia tapitra ny fe-potoana iasan'i Hery vaovao. Izany hoe, amin'io daty io tokony filoha voafidy indray no ho eo amin'ny fitondrana.



Carlton Hotel, Anosy Antananarivo, 16 August 2017. Augustin Andriamananoro and Bob Goodlatte, at the reception on the occasion of the visit of a delegation from United States US Congress, led by Bob Goodlatte, Chairman of Committee on Judiciary, US House of Representatives.

Tsy kisendrasendra ny nahatongavan'ireto mpikambana enina ao amin'ny Kongresy amerikana ireto. Taminy taona 2012 no nisy koa. Izany hoe herintaona alohan'ny fifidiana filoham-pirenena foana. Ao raha… Ireto avy ary izy ireo fa miandry ny tatitra ho ataony rehefa tafaverina any Etazonia. Satria raha ny mpitondra no henoina dia manga foana ny lanitra e ! Mavandy avao !



**IREO MPIKAMBANA AO ANATIN'ILAY DELEGASION'NY KONGRESY AMERIKANA**

**Atoa Bob Goodlatte (Repoblikana – Virginia), filohan'ny vaomiera momba ny lalana**

Atoa Bob Goodlatte dia filohan'ny vaomiera momba ny lalana no sady mpikambana ao amin'ny vaomiera momba ny fiompiana sy ny fambolena. Nanomboka ny 5 janoary 1993 izy no mpikambana tao amin'ny Kongresy ary mbola hirotsaka hofidiana amin'ny taona 2018. Misolo tena ny $6^{th}$ *district* izay misy an'I Roanoke, Lynchburg, Shenandoah Valley, Harrisonburg, Front Royal izy. Atoa. Niteraka roa izy sy Rtoa Maryellen vadiny.

**Rep. Steven King (Repoblikana - Iowa)**

Atoa Steven King dia mpikambana ao anatin'ireto vaomiera manaraka ireto: ny vaomieran'ny lalana, ny vaomieran'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny vaomieran'ny fandraharahana madinika. Nanomboka ny taona 2003 izy no mpikambana tao amin'ny kongresy. Misolotena ny $4^{th}$ district izay misy an'i City, Mason City, Ames, Spencer and Fort Dodge nanomboka ny 3 janoary 2013. Talohan'izay, teo anelanelan'ny taona 2003 sy 2013 dia nisolo tena ny $5^{th}$ *District* izy. Manan-janaka telo mirahalahy Atoa King sy Rtoa Marilyn vadiny ary manana zafikely miisa fito. Manana dika mitovy amin'ny lalam-panorenana amerikana izay tsy misaraka aminy mihitsy Atoa King.

**Rep. Blake Farenthold (Repoblikana -Texas)**

Atoa Blake Farenthold dia mpikambana ao amin'ny vaomiera manaramaso ny fanatsarana ny governemanta, ny vaomiera momba ny lalana, ary ny vaomiera momba ny fitaterana sy ny foto-drafitrasa. Nanomboka ny 5 janoary 2011 izy no mpikambana tao amin'ny Kongresy amerikana ary mbola hirotsaka hofidiana amin'ny taona 2018. Misolo tena ny $27^{th}$ *district* izy. Manan-janaka mirahavavy Atoa Farenthold sy Rtoa Debie vadiny dia i Morgan sy Amanda.

**Rep. Mike Bishop (Repoblikana -Missouri)**

Atoa Mike Bishop dia mpikambana ao amin'ny vaomieran'ny fampitaovana sy ny vaomieran'ny fampianarana sy ny mpiasa. Anisan'ireo mpikambana vaovao amin'ny Kongresy izy satria ny 6 janoary 2015 izy no lany hisahana io andraikitra io. Mbola hirotsaka hofidiana izy ny taona 2018. Misolo ten any $8^{th}$ *district* izay misy an'i Lansing, Mason, Howell, ary Brighton izy. Manan-janaka telo Atoa Bishop sy Rtoa Cristina vadiny.

**Rep. Sheila Jackson Lee (Demokraty-Texas)**

Rtoa Sheila Jackson Lee dia mpikambana ao amin'ny vaomieran'ny lalana, ny vaomieran'ny tetibola ary ny vaomieran'ny atitany. Nanomboka ny 4 janoary 1995 izy no mpikambana tao amin'ny Kongresy amerikana ary mbola hirotsaka hofidiana ny taona 2018. Misolo tena ny $18^{th}$ *district* izay misy an'i Houston izy. Anisan'ireo mpianatra vehivavy voalohany nivoaka tao amin'ny Oniversiten'i Yale Rtoa Jackson Lee rehefa nanomboka nandray mpianatra vehivavy io oniversite io. Manan-janaka roa sy zafikely kambana Rtoa Jackson Lee sy Atoa Elwyn vadiny.

**Rep. Greg Meeks (Demokraty – New York)**

Atoa Greg Meeks dia isan'ireo mpitarika ny vaomieran'ny raharaham-bahiny sy ny vaomieran'ny fitantanam-bola. Nanomboka ny 3 janoary 2013 izy no mpikambana tao amin'ny Kongresy ary mbola hirotsaka hofidiana izy ny taona 2018. Misolo tena ny $5^{th}$ *district* izay misy an'i New York City izy. Manan-janaka telo mirahavavy Atoa Meeks sy Rtoa Simone-Marie vadiny

**Embassy of the United States**

**ANTANANARIVO**

**FAMPITAM-BAOVAO**
**Azo avoaka avy hatrany**
15 Aogositra 2017
Ny masoivoho amerikana eto Antananarivo
+261/20-23-48000 x 2584 | AntananarivoPress@state.gov

**Manamafy ny fahavononan'i Etazonia hanampy an'i Madagasikara ireo delegasiona avy amin'ny Kongresy amerikana.**

**Antananarivo –** Higadona eto Madagasikara anio Talata 15 Aogositra hariva ary hijanona eto mandritra ny 2 andro ny delegasiona miisa enina, mpikambana ao amin'ny Kongresy amerikana ary tarihan'ny filohan'ny vaomiera momba ny lalàna, Atoa Robert Goodlatte. Hanatrika ny fitokanana ny toby famokarana herinaratra Symbion eny Mandroseza izy ireo miaraka amin'ny Masoivoho Amerikana Robert Yamate sy ny Filoha Malagasy Hery Rajaonarimampianina ary ireo tompon'andraikim-panjakana malagasy hafa. Hisy ihany koa ny fihaonan'izy ireo amin'ny mpikambana ao amin'ny governemanta malagasy, ny fitsidihana ny tobim-pahasalamana iray eny Ambohipo izay mpiara-miasa amin'ny USAID, ary ireo mpikambana ao amin'ny antenimieran'ny varotra Amerikana sy Malagasy AmCham.

Tafiditra ao anatin'ny dinika iarahan'ireto delegasiona ireto sy ny manam-pahefana malagasy ireo lohahevitra manan-danja amin'ny fifandraisan'ny firenena roa tonta toa ny fanomanana fifidianana filoham-pirenena mangaraharaha sy misokatra ary eken'ny rehetra amin'ny taona 2018, ary ny faharesen-dahatry ny roa tonta amin'ny fampandrosoana ny toe-karena Malagasy.

###

**Momba ny vaomieran'ny lalàna ao amin'ny Kongresy amerikana**

Ny vaomiera momba ny lalàna dia nantsoina ihany koa hoe mpisolovavan'ny Kongresy amerikana satria tafiditra anatin'ny fahefany ny fandinihana ny momba ny fitsarana federaly, ny rafi-pitantanana, ary ireo sampan-draharaha miantoka ny fampiharana ny lalàna.

Tamin'ny 3 Jona 1813 no nitsangana ny vaomiera momba ny lalàna tao amin'ny Kongresy amerikana izay natao handinika izay rehetra momba ny fombafombam-pitsarana. Nihitatra ny fahefan'io vaomiera io ka tafiditra ato anatin'ny andraikiny ny momba ny fitsarana ady madio, ny fitsarana ady heloka, ny fitsarana federaly sy ny momba ny mpitsara, ireo raharaha momba ny fitantanana orinasa, ny fitsikilovana, ny asa fampihorohoroana, ny fiarovana ny fahafahan'ny olom-pirenena, ny fanovana ny Lalàm-panorenana, ny fifindra-monina sy ny fahazoana ny zom-pirenena amerikana, ny fifandraisan'ireo fanjakana ao anatin'i Etazonia, ny fitoriana mety mahazo an'i Etazonia, ny fonja amerikana, ny fifandimbiasan'ny filoha amerikana, ny lalàna misakana ny ampihimamba, ny fanovana sy ny fandrafetana ny satan'I Etazonia, ny famaritana ny sisintany amerikana sy ny sisintanin'ireo fanjakana tsirairay ao anatiny, ny lalàna momba ny zon'ny mpamorona sy ny marika voaaro. Anisan'ny andraikitra goavana sahinin'io vaomiera io amin'izao fotoana ny fanaraha-maso ny andraikitry ny departemantan'ny fitsarana sy ny departemantan'ny atitany amerikana. Ny fanadihadiana ataony momba ny lalàna toa ny "Patriot Act" dia manome lanja ny andraikitr'io vaomiera io amin'ny fiantohana ny fampifandamjana ireo zo izay hiantohan'ny Lalàm-panorenana amerikana amin'ny fiarovam-pirenena.

**Jeannot Ramambazafy – 18 Aogositra 2017**